PRIMATURE

DIRECTION GENERALE DES INVESTISSEMENTS PUBLICS

APPEL A MANIFESTATION D'INTERETS

Réf. N° 38 -2026/GOUV/DGIP

Objet : Consultation Technique pour l'Élaboration de la Politique Nationale des Investissements Publics

Dans le cadre de la dynamique de Refondation menée par la Présidence, le Gouvernement va élaborer la Politique Nationale des Investissements Publics, attendu comme référentiel aligné sur la politique nationale de développement pour corriger les dysfonctionnement systémiques, institutionnels et techniques, constatés jusqu'à maintenant. En effet, les défis que le Gouvernement doit relever pour espérer bouleverser la situation socio-économique du pays, et partant, impulser la trajectoire croissante de développement, sont notamment le manque d'orientation claire des investissements publics et d'impacts tangibles des investissements sur les conditions de vie de la population, la faible capacité d'absorption en raison de lourdeurs administratives, de la faiblesse de la gouvernance, ou les priorités du pays qui semblent s'effacer face aux différentes stratégies des Partenaires Techniques et Financiers. De plus, la dynamique des investissements publics demeure profondément influencée par les changements politiques cycliques, sapant la continuité des résultats des investissements publics sur le développement.

Eu égard à ces facteurs, la Politique Nationale des Investissements Publics sera élaborée sur la base des caractéristiques suivants : (i) longévité, en prévoyant une projection sur au moins une dizaine d'année des principes, orientations, et objectifs d'investissements publics, (ii) stabilité, en sanctuarisant le document par l'intégration des principes dans les cadres légaux suprêmes de l'État, comme la Constitution, pour éviter les incidences des bouleversements politiques, (iii) technicité, par la considération des aspects techniques pour sa soutenabilité envers tous les partenaires qui vont s'engager sur les financements futurs.

Ainsi, le Gouvernement invite tous les acteurs, publics et privés ; la société civile ; les acteurs de développement, incluant les Partenaires Techniques et Financiers (PTF) ; les communautés de recherche ; les experts individuels, consultants ou non ; les diasporas malagasy ; et l'ensemble de la communauté malagasy justifiant d'une expertise suffisante pour les discussions sur les investissements publics, à soumettre des propositions de vision intégrée des investissements publics et privés pouvant garantir une démarche soutenable du développement sur le long terme du pays.

Les propositions seront analysées et consolidées, avant la série de consultations techniques qui seront conduites à l'issue de la période de manifestation d'intérêts, suivant le calendrier suivant :
- 08 Septembre au 09 Octobre 2026 : Manifestation d'Intérêts et inscription pour les consultations techniques
- 19 Octobre au 18 Décembre 2026 : Consultation technique par thématiques

Les propositions et inscription aux consultations techniques, ainsi que toutes demandes d'informations complémentaires, doivent être soumises officiellement en suivant le lien suivant :

PRIMATIORA

FOIBEM-PITONDRANA ANKAPOBENY NY FAMPIASAM-BOLAM-PANJAKANA

FIANTSOANA FAHALINANA

Laha-drefy N°38 -2026/PM/DGIP

Foto-kevitra : Fifampidinihana ara-teknika ho an'ny Famolavolana ny Politika Nasionaly momba ny Fampiasam-bolam-panjakana

Ao anatin'ny ezaka Fanavaozana tarihin'ny Fiadidiana ny Repoblika, dia hamolavola ny Politika Nasionaly momba ny Fampiasam-bolam-panjakana ny Governemanta, izay andrasana ho torolalana mifanaraka amin'ny vinam-pirenena ho amin'ny fampandrosoana, mba hanitsiana ireo tsy fahombiazana ara-drafitra, ara-pandaminana ary ara-teknika, hita hatramin'izao. Raha ny marina, ireo fanamby tsy maintsy tsapain-tanan'ny Governemanta raha te-hanova lalina ny toe-piainana ara-tsosialy sy ara-toekaren'ny firenena, ka hanentana ny lehan'ny fampandrosoana miakatra, dia ny tsy fahampian'ny fitarihana mazava momba ny fampiasam-bolam-panjakana sy ny vokatra hita maso amin'ny fiainan'ny vahoaka, ny fahalemen'ny fahafahana mandray tosika noho ny havesaran'ny pitsopitsony ara-panjakana, ny fahalemen'ny fitantanana, na ny laharam-pahamehan'ny firenena izay mety handefitra manoloana ireo paikady samihafa tsy maintsy arahina miaraka amin'ireo mpamatsy vola. Ankoatra izany, ny fivoaran'ny fampiasam-bolam-panjakana dia mbola miaina mivantana ny fiovaovan'ny tontolo politika miverimberina lalina, izay manimba ny fitohizan'ny vokatry ny fampiasam-bolam-panjakana amin'ny fampandrosoana.

Noho ireo antony ireo, dia hovolavolaina miorina amin'ireto toetra manaraka ireto ny Politika Nasionaly momba ny Fampiasam-bolam-panjakana : (i) fahela-velona, amin'ny fanaovana fandrefesan-danja mihatra farafahakeliny mandritra ny folo taona momba ny fitsipika, ny fitarihana ary ny paikady momba ny fampiasam-bolam-panjakana, (ii) fahamarinan-toerana, amin'ny fametrahana ny votoatin'ny tahirin-kevitra ao anatin'ny rafi-dalàna ambony indrindra eto amin'ny Fanjakana, toy ny Lalàmpanorenana, mba hisorohana ny voka-dratsin'ny fiovaovana politika, (iii) ara-teknika, amin'ny fandraisana ireo lafiny teknika mba hahazakan'ireo mpiara-miombon'antoka rehetra izay hanao tantsoroka amin'ny famatsiam-bola ho avy.

Noho izany, ny Governemanta dia manasa ireo mpisehatra rehetra, avy amin'ny Fanjakana sy ny sehatra tsy miankina ; ireo Fiaraha-monim-pirenena ; ireo mpisehatra amin'ny fampandrosoana, ao anatin'izany ireo mpamatsy vola (PTF) ; ny vondrona mpikaroka ; ireo manam-pahaizana rehetra eto an-toerana sy any ivelany ; ary ny fiombonam-bahoakan'i Madagasikara manontolo izay manana fahaizana ampy mikasika ny fampiasam-bolam-panjakana, mba handefa tolo-kevitra ho amin'ny vina iray mifameno momba ny fampiasam-bolan'ny Fanjakana sy ny sehatra tsy miankina, izay hiara-miasa hiantoka ny fanovana ho an'ny fampandrosoana maharitra ny firenena amin'ny lavitra ezaka.

Hodinihina ary haravona ireo tolo-kevitra mialoha ny andiam-pifanakalozana ara-teknika izay hatao rehefa vita ny vanim-potoanan'ny fiantsoana fahalinana, araka ity tetiandro manaraka ity :
- 08 Septambra ka hatramin'ny 09 Oktobra 2026 : Fanehoana fahalinana sy fisoratana anarana ho an'ireo maniry hanatrika ny fifanakalozana ara-teknika
- 19 Oktobra ka hatramin'ny 18 Desambra 2026 : Fifanakalozana ara-teknika mifantoka amin'ny lohahevitra maromaro

Ny tolo-kevitra sy ny fisoratana anarana, ary koa ny fangatahana fanazavana fanampiny rehetra, dia tsy maintsy alefa amin'ny fomba ofisialy amin'ny fanarahana ity rohy ity :

